ANDRAMASINA 4

# LEHILAHY HITA FATY, EFA NOKAROHINA NANDRITRA NY 8 ANDRO


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7511 Taona faha-24 **Vidiny: 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Zoma 03 martsa 2023


MARINA IZANY ! 7

## MITADY HIVERINA !

ANTANANARIVO - MITARAINA NY MPIVAROTRA 4



## NAKANA 6 TAPITRISA Ar HO SANDAN'NY TOERANA AMORON-DALANA

IZY NO IZY 8

TAHIANA RAZANAMAHEFA

## VEHIVAVY TSOTRA, TIA MIFANERASERA AMIN'NY OLONA



ADY AMIN'NY FAHANTRANA 7

# "MILA HAJAINA NY FANJAKANA TAN-DALÀNA ARY HAHENA NY KOLIKOLY", HOY NY JAPONEY



VOLLEY - CCC ZONE 7 3

## NAVOTAN'NY GNVB VEHIVAVY I MADAGASIKARA

OLAN'NY FCE NITSAHATRA NY GREVY 7

## NALOAN'NY FANJAKANA NY KARAMAN'NY MPIASA


OLAN'NY FANANAN-TANY 8

# NANAOVANA FITSIRIHANA TAMPOKA IREO BIRAO TENY ANOSY

TSIROANOMANDIDY 4

## VOAKAPA FAMAKY NY HATONY SY TAMPONDOHAN'ILAY TOVOLAHY




**Tsiahy an-tsary nandritran'ny Fihaonambe Nasionalin'ny Haivarotra sy ny Varotra STAR**
**Fihaonambe efa ela nandrasan'ny mpiandraikitra ara-barotra sy ny mpamongadinay.**

Telo andro fankalazana, fizarana sy fiaraha-mifaly afahana miara-mibanjina sy miatrika ireo fanamby amin'ity taona 2023 ity
Fotoana niavaka nanolorana amboara ireo masoivohonay sy nanomezana fankasitrahana ireo mpamongady mendrika. Irika nafahana nisaotra ny mpamongady niara-niasa sy nahomby indrindra tao anatin'ny maro ary nanomezana azy fiara vaventy noho ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny vondrona VISEO tamin'ny alalan'ny Continental Auto sy Ocean Trade.

Isika miara-mamiratra hatrany ! STAR

Volley - CCC Zone7

# Navotan'ny GNVB vehivavy i Madagasikara

*Nifanaraka tamin ny ezaka natao ny vokatra azo, hoy ny filohan'ny GNVB, Chef d'escadron commandant Fortunat.*

Ny ekipan'ny GNVB vehivavy irery sisa no manohy ny diany amin'ny fiadiana ny amboara ho an'ny tarika tompondaka aty amin'ny faritra faha-7, taranja Volleyball. Resin'izy ireo tamin'ny seta 3 no ho 0 ny Moineau Volley Pei avy any La Réunion omaly, nandritra ny dingana ampahefa-dalana. Izay nandresy tamin' ny Anse Royale sy ny Tempo Gecko kosa no hifanandrina aminy anio eo amin'ny manasa-dalana. Ankilany, resy avokoa ny tompondakan' i Madagasikara lahy sy vavy, ka nifarana hatreo ny fifaninanana ho azy ireo. Ho an'ny Stef'auto, dia resin'ny Quatres Bornes, tamin'ny seta 3 no ho 2 izy ireo. Ny Malagasy no nahazo ny seta voalohany(25-16), efa nazava ihany koa ny lalana handrombahany ny seta faharoa, satria efa nitarika lavitra be saingy tratra teo amin'ny isa 17 no ho 17, ary dia ry zareo Renioney no nahazo izany. Toy izany koa ny GNVB lehilahy, izay efa nitarika seta 2 no ho 0 nanoloana ny Tempo Gecko saingy tratra seta 2 no ho 2 ary dia tsy namelan-dry zareo Renioney koa raha tsy lasany ny « tie-break » 15 no ho 13. Nambaran'ny filohan'ny GNVB, chef d'escadron commandant Fortunat, fa ireo no nanao ny famaranana taty Madagasikara farany ka resy ihany koa ny GNVB tamin'izay. Samy nitondra fanatsarana ary nanatanora mpilalao ny kliobany. Ho an'ny ekipa GNVB vehivavy kosa dia nambarany fa ny fananan'ny mpitarika traikefa amin'ny sehatra iraisam-pirenena no nahatonga antsika nanangana ny klioba vehivavy. Nifanaraka tamin ny ezaka natao ny vokatra azo. Natao fitaratra ireo ekipa efa matanjaka amin'ny iraisam-pirenena dia io no nananganana ny hahavo farany nilaina sy tokony hohajaina raha hiatrika lalao iraisam-pirenena. Tena niezaka ireo ankizintsika, hoy hatrany ity filoha ity, nifangarao satria dia tao ireo efa ampy traikefa, ny sasany kosa mbola tena tanora saingy manan-talenta sy mbola afaka mivoatra. Ny fifampitokisana amin'ny samy mpilalao koa ny tombony, eo koa ny mpilalao sy ny mpitantana izay tena mikaonty betsaka.

**Rabenaivo**

Basket - "Alley Hoop 2023"

# Ekipa 171 no handray anjara amin'ny fifaninanana

Fantatra tamin'ny fanatanterahana ny fivoriana ara-teknika, natao momba ny andiany faharoa amin'ny « Alley Hoop 2023 », ny isan' ireo ekipa mandray anjara amin'ny fifaninanana, izay mahatratra 171. Tahaka izao ny fitsinjarana ny isan'ireo ekipa ao anatin'ny sokajintaona ilalaovana azy : « U17F » : Misy ekipa 17 ; « U17G » : 32 ; « U23F » : 20 ; « U23G » : 48 ; « Sen D» : 8 ; « Sen H» : 20 ; « Vet H» : 8 ; « Vet D» : 8 ; « Super Vétéran» : 6 ; « Partenaires» : 5. Araka izany dia ho safononoka amin'ny fanarahana ny « Alley Hoop 2023 », mandritra ny telo andro misesy manomboka androany, ao amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena sy ny Kolotsaina Mahamasina, ny mpankafy basket-ball lalaovin'ny olontelo miaraka (FIBA 3x3). Ankoatra ny lalao, toy ny tamin'ny taon-dasa, dia misy fifaninanana mi-« dunk » sy mitifi-davitra « 3 points ». Anterina fa mandray anjara amin'ny fifaninanana ireo mpilalaontsika ao anatin'ny « Ankoay », hiatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany any Vienne renivohitr'i Autriche amin'ity taona ity. Tafiditra Ao anatin'ny fanomanantenany indrindra ihany koa izany. Soritana fa handray anjara amin'ity fifaninanana ity koa ny JOBA Basketteuses, izay efa antaonany maro no nitsanganan'ity ekipan'ny mpanao gazety vehivavy ity.

**aris rafaly**

DJ Dina

# Hitondra ny mozikan'ny taona 80, 90… etsy amin'ny Oxygène Antanimena anio

Mandalo eto Madagasikara amin'izao i DJ Dina. Efa any amin'ny New del's Club France moa izy amin'izao no miasa fa nangataka ny ho aty Madagasikara indray mba hihaona amin'ireo mpankafy azy. Manome fotoana ho an'ny rehetra araka izany ny tenany etsy amin'ny Oxygène Antanimena (ao amin'ny hotel centell Antanimena, rihana fahatelo) anio amin'ny 09 ora alina. Ny andy'event no mikarakara ny hetsika. Hoentiny ao mandritra izany avokoa ireo hira nanamarika ny taona 80,90, ary ny 2000. Nofantenana ao anatin'izany, hoy izy, ireo mozika efa nolalaoviny tanatin'ireo toeram-pandihizana maro niasany teto an-tanindrazana. Tsy ny eto Antananarivo irery moa no hahita azy fa amin'izao fandalovany izao dia efa nanomana programa hitety faritra izy, ka anisan'ny holalovany ny any Fianarantsoa. Aorian'izay dia hisidina any Montréal, any Canada, indray izy. Tafiditra ao anatin'ny fanomanana ny fankalazana ny faha-35 taona nanaovany izao asa izao avokoa moa ireo hetsika ireo. Amin'ny herintaona kosa vao tena hisy hetsika goavana be hatao hanamarihana izany. Tsara ny manamarika fa nampiana-tena izy raha nanao izao asa izao. Nisy ihany ny fianarana nataony mahakasika ny mozika fa ny fandavan-tena te hikaroka zava-baovao hatrany no tena nanosika azy kokoa, ka dia izay indrindra koa no hampitainy amin'ireo tanora maniry ny ho lasa DJ.

**Tanya.R**

## Zoma mahafinaritra

**Maro ny safidy ho an'ireo mpialavoly**

*Artista sy tarika sangany avokoa no hampialavoly anio alina, ao anatin'ny « cabaret » zoma manifika. Sombiny amin'ireny no indro alefanay eto :*

**Luk, Mahery, Rija Ramanantoanina**

**Hampialavoly etsy amin'ny Pim's Behoririka**

Fampiaraham-peo miavaka sady tsy manam-paharoa. Ireo indray no tafaraka etsy amin'ny efitrano malalaky ny Piment Café Behoririka, anio alina manomboka amin'ny 9 ora. Luk sy Mahery (Johary), miaraka amin'i Rija Ramanantoanina indray no hifarimbona hitondra ireo mpialavoly hitsangantsangana an-kira ao an-toerana. Efa zatra miaraka ry zalahy ireto, ary mampiaiky ny vazantany efatra nolalovany ny fiarahany. Toko telo mahamasa-nahandro.

**Tarika Iraimbilanja**

**Hampitotorebika eny amin'ny Espace Dera**

« Revy rock ranofotsiny ». Izay no fanamby apetraky ny tarika Iraimbilanja, etsy amin'ny efitrano malalaky ny Espace Dera Tsiadana, anio manomboka amin'ny 8 ora alina. Ny Ekar Fo Madion'i Marie Malaza, distrikan'i Faliarivo, no mikaraka ny hetsika, ka ny vola azo dia entina hanamboarana fotodrafitrasa Presibitera sy Salle d'œuvre. Miantso ny tsara sitrapo ihany koa ry zareo mba hanjfa ny tapakila. Sady hanao adidy no hahazo fahafinaretana izay ho tonga ao an-toerana.

**Lalie**

**« Tsotr'izao » ao amin'ny Pietra Analakely**

Anio no hifamotoana amin'ny mpankafy azy etsy amin'ny efitrano malalaky ny Pietra Analakely i Lalie. « Tsotr'izao », hatrany no anarana hisaloran'ity hetsika ity, izay hiarahany amin'ny Jim& Co, izay sady mpampandihy no mpikarakara rahateo. Mamapanantena seho miavaka izy ireo araka izany, satria hifameno ny talentan'ny roa tonta. Ny vola ho azo dia voalazan'i Jim fa atolotra manontolo ho an'i Lalie. Hanomboka amin'ny 7 ora hariva ny fotoana ary tsy mbola voafaritra ny fiafarany.

**Jahleky**

**Seho miavaka ao amin'ny Ti'Art Resto Antsirabe**

Ny fahaizana mifehy sy miangaly ary milalao ny angorodao no tena anisan'ny tanjaky ny mozikan'i Jahleky. Anio, ao anatin'ny fialambolin'ny zoma manifika, dia hifamotoana amin'ny mpankafy mozika ao an-drenivohitr'i Vakinankaratra ny lehilahy. Ao amin'ny Ti'Art Resto Antsenakely Antsirabe no fotoana ho an'ireo maniry izany. Hanomboka amin'ny 8 ora alina ny fotoana, fa miankina amin'ny ambiansy ny fiafarany. Hanampy azy amin'izay i Lex Guitariste malaza amin'ny fitendrena gitara.

**Nangonin'i Fy**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ho inonao ny herimpo sy ny fikelezana aina raha zava-dratsy no andanianao herin-tsaina ? Ho very maina."

**Ny Vetso (14.11.13)**

("Rien ne sert de courir si on n'est pas sur le bon chemin.")

Taekwondo - Lalaon'ny Nosy 2023

# Vonona hiaro ny voninahi-pirenena Randriamiandrisoa Nicolas

***Enim-bolana eo sisa dia higadona ny andro hanatanterahana ny Lalaon'ny Nosy 2023, hatao eto Madagasikara. Taranjam-panatanjahantena 23 no hifaninanana ka anisan'izany ny Taekwondo WT. Manana atleta sangany isika, izay mila ravinahitra any ivelany any. Tsy nihambahamba mihitsy ny tenany nanambara ny fahavononany, nandritra ny tafa nifanaovana taminy.***



**Vonona hiaro ny voninahi-pirenena i Nicolas Ragonz, tompondakan'i Afrika.**

**Gazetiko** : Randriamiandrisoa Nicolas, Vonona handray anjara amin'ny Lalaon'ny Nosy ve ianao?

**Randriamiandrisoa Nicolas** : Eny vonona handray anjara hiaro ny voninahitr'i Madagasikara ny tenako.

**Gazetiko** : Efa nisy fifampiresahana tamin'ny federasiona ve izany ?

**R.N**: Amin'izao dia mifandray amin'ny alalan'ny WhatsApp amin'ny staff miaraka amin'ny filohan'ny federasiona ny tenako.

**Gazetiko** : Enim-bolana eo sisa dia higadona io Lalaon'ny Nosy io, ahoana ny fanomanana ?

**R.N** : Efa manomboka manao fanazarantena moramora indrindra taorian'ny faharatrana nahazo ahy teo ireny. Hatreto aloha ny fanontaniana dia ny hoe hanao « juge » sa hiatrika fifaninanana ? Ny DTN no miteny hoe manaova fifaninanana.

**Gazetiko** : Mety hisy fifaninanana iraisam-pirenena handraisanao anjara ve mialoha ny JIOI.

**R.N** : Misy ilay « Open de Bulgarie », « Open de Suède », « Open d'Espagne » no akaiky, izay azoko andraisana anjara, saingy miankina amin'ny fotoana sy ny fahafahako avokoa izany.

**Gazetiko** : Inona no soso-kevitra avy aminao hahafahan'i Madagasikara mandrombaka medaly betsaka amin'io lalao io, ho an'ny taranja taekwondo manokana ?

**R.N** :Tokony handray anjara amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena maromaro, satria ry zareo La Reunion izao dia mandeha mivoaka foana. Ankoatra izay, mila manao fanazarantena tsara.

**Gazetiko** : Efa miteny izay ihany ianao, iza ny Nosy rahavavy mazana sy tena mpifanandrina mivantana amintsika.

**R.N** : La Réunion no hitako fa manana haavo teknika ambony, nandritra ny fiatrehan'izy ireo ny « Open de Paris ». Toy izany ihany koa i Maorisy.

**Gazetiko** : Fa azo resena tsara ve ry zareo?

**R.N** : 3 na 4 ao amin'i La Réunion no tafiditra ao amin'ny ekipam-pirenena frantsay. Ny 2 tamin'izy ireo nandray anjara tamin'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany tany Korea, nahitana an'i Candice Nickin sy ny zandriny. Na eo aza izany, isika tsy mihemotra ary afaka mahazo vokatra tsara ny ekipam-pirenena satria isika no mampiantrano ka manana ireo mpanohana marobe i Madagasikara. Tsetsatsetra tsy aritra kely, tamin'ny 1994 no nanomboka niaro ny voninahi-pirenena ny tenako. Anisan'ny lalao iray tena nankafiziko ity JIOI ity. Hanao izay fara-fahaizana ny tenako sady ao an-tanàna no hanaovana azy.

**Rabenaivo**

**Sté SOBATRA cherche**
CHEF D'ATELIER
MECANICIENS POUR ENGIN BTP
ELECTRICIENS POUR ENGIN BTP
Expériences exigées, sachant parler le français.
Merci de vous présenter directement au siège Antanetibe Ilafy muni de votre CV, lettre de motivation, photocopie dernier certificat de travail.
G-CL 447/2-1

Andramasina

# Lehilahy hita faty, efa nokarohina nandritra ny 8 andro

Lehilahy iray tokony ho 35 taona no hita faty tany amin'ny toerana antsoina hoe Antsahatanteraka, any amin'ny distrikan' Andramasina, ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 7 ora sy sasany hariva. Olona tany an-toerana nahita voalohany ny razana no gaga raha nahita ny fatin'ity lehilahy ity. Rehefa niely ny resaka teo an-tanàna mikasika ilay razana hita dia nitangorona nijery izany ny olona sao misy mahafantatra azy. Tsy nisy nahalala mihitsy anefa izy ka fantatra fa tsy olona mipetraka any an-toerana. Efa nampandrenesina mikasika ity fahitana faty ity ny mpitandro filaminana tany an-toerana ka nidina ifotony nanao fitsirihana ny zava-nitranga. Efa nilazana ihany koa ny mpitsabo ka tonga nanao fizahana ifotony. Nisy avy hatrany ny fanadihadiana sy ny fikarohana nataon'ny zandary hikarohana ny fianakavian'ity lehilahy ity. Ka ny ampitson'io ihany, izany hoe ny alarobia lasa teo, no hita ny fianakavian'ny maty ka tonga tany an-toerana naka ilay razana. Araka ny fantatra dia efa valo andro izay no nikarohana ity lehilahy ity, satria nanomboka ny 20 febroary lasa teo no voalaza fa tsy hita izy, ka rehefa natao ny fikarohana azy dia tsy nahitam-bokany izany. Dia izao ny vatana mangatsiakany izao sisa no novantanin'izy ireo. Araka ny fantatra hatrany dia avy eny amin'ny fokontany Amberokely, eny amin'ny kaominina Bongatsara atsimondrano, ity lehilahy hita faty ity.

T.H

Maevatanana

# Ankizivavy nisy nanolana

Ankizivavikely iray tokony ho 7 taona no nisy nanolana tany amin'ny distrikan'i Maevatanana ny alin'ny alatsinainy hifoha talata lasa teo. Araka ny fantatra dia rangahy iray mifandray amin'ny fianakaviany ihany no voarohirohy ho nahavita ilay fanolanana. Araka ny fanazavana azo mantsy dia tonga tao an-tranon'ilay ankizy io lehilahy io tamin'io andro io tokony ho tamin'ny 8 ora sy sasany alina. Nalainy nentiny niaraka taminy hoe handeha hividy bisky ilay zazavavikely. Dia lasa izy ireo saingy tany no nanararaotany nanamparan' ity lehilahy ity ny filandratsiny tamin'ity farany. Araka ny fantatra hatrany dia tokony ho tamin'ny 3 ora sy sasany maraina vao naverina ilay ankizy ary fantatra tamin'io ihany fa efa voaolana ilay zaza. Efa nentina tany amin'ny tobim-pahasalamana ilay zaza taorian'izay. Efa nampandrenesina mikasika ity zava-nitranga ity ny mpitandro filaminana ary efa nandray ny andraikiny ihany koa izy ireo.

T.H

Antananarivo - Mitaraina ny mpivarotra

# Nakana 6 tapitrisa ariary ho sandan'ny toerana amoron-dalana

Misy mpiasan'ny kaomina vitsivitsy ao amin'ny lapan'ny tanànan'Antananarivo renivohitra manao toetra mamoehitra ary manararaopahefana. Betsaka ireo mpivarotra amoron-dalana mahazo mivarotra eny amin' ny « trottoir » fa ny an'iretsy mpivarotra eo Ambatomena ambanin'ny Maosoivoho Frantsay no niharan'ity fanesorana tsy ara-dariny ity. Izy ireo anefa dia nandoa vola tany amin'ny tomponandraikitra voalaza etsy ambony. Noroahina na dia nahaloa ny vola notakian'ny mpiasan'ny kaominina aza. Araka ny fitarainan'izy ireo dia nangalana vola 6 tapitrisa ariary izy ireo ary efa naloa tamin'ny « versement » voalohany io volabe io. Afaka enimbolana taty aoriana dia nalaina indray ilay karatra fa hoe havaozina. Tsy naverin'ilay mpiasan'ny kaominina intsony ny karatra fa notazominy. Io karatra io anefa no manamarina fa mpivarotra izy ireo ary iny no anisan'ny antony nandoavana ny volabe. *« Rehefa nalainy dia nambara fa tsy nandoa vola izahay mpivarotra. Tena nofitahany sy nanaovany hafetsena tsotra izao. Efa nahavita an'io vola notakian' ny kaominina io anefa izahay. Rehefa mba tonga nangataka fanazavana tao amin'ny birao nisy an'ilay tomponandraikitra dia notabatabaina. Io olona io dia milaza fa akaiky ny Tale. Fandroahana lava no atao anay »*, hoy araka ny fanazavan'ny mpivarotra lasibatry ny fandroahany teo amin' ny toerany.




**Ireo mpivarotra nahaloa vola kanefa noroahina.**

**Manana rosia sy faktiora**

Efa roa taona nivarotana teo ireto farany no nilazana fa tokony hiditra amin'ny aradalàna. Nirisika izy ireo mba tsy hisian'ny fanenjehana intsony sady nakana volabe. Ny zavatra tsy nampoizin' ireto mpiasan'ny kaominina anefa dia nanana dika mitovy tamin'ilay karatra nogiazany ireto mpivarotra ireto ary manana rosia sy faktiora tamin'ilay nandoavana vola ihany koa. Vahoaka sahirana avokoa ireto mpivarotra ireto ary efa tsy misy entana intsony. Manginy fotsiny ny vola alaina aminy ka izay no anton'izao antsoantso izao. Mangataka ny filoham-pirenena rahateo izy ireo mba handray andraikitra, satria ny filoha dia efa namela azy ireo hiasa. Toy izany ihany koa ny ben'ny tanànan' Antananarivo izay efa nilaza fa rehefa tsy manakana lalana dia azon'ny mpivarotra atao ny miasa. Andrsana araka izany ny fanazavan'io tomponandraikitra naka volabe io…

Ariel D.

Tsiroanomandidy

# Voakapa famaky ny hatony sy ny tampon-dohan'ilay tovolahy

Tovolahy iray no niharan'ny vono nataon'ny olon-dratsy tao amin'ny kizo Antanimasaka, fokontany Ambohimarina, kaominina Ankerana Avratra, distrikan'i Tsiroanomandidy, ny alarobia lasa teo. Nokapain'ireo olon-dratsy tamin'ny famaky teo amin' ny hatony sy tampon-dohany ary nisy tsindrona lefona teo amin' ny tarehiny. Naratra mafy vokatr'izany ilay tovolahy ary mbola tsy mahatsiaro tena tsara izy. Hatreto dia mandeha ny fitsabaona azy, ao amin'ny hopitaly « CHRR » Tsiroanomandidy. Raha ny filazan' ny fianakavian'ny niharam-boina dia nandeha niambina ny famboleny tamin'iny faritra iny izy niaraka tamin' ny bisikileta. Tamin' ny fiverenany handeha hody miaraka amin' ny kitay ambony bisikileta no nisy nanakana. Lasan'ireo jiolahy ny bisikileta, hoy ny loharanom-baovao. Izany hoe resaka halatra no anton'ny namonoan'ireo tsy mataho-tody an'ilay tovolahy. Mitohy ny fikaroham-baovao mikasika ireo olona nahavanon-doza, iarahan'ny fokonolona ao an-toerana sy ny mpitandro ny filaminana.

Ariel D.

Belo Tsiribihina

# Olona 3 nisy naka an-keriny, nitaky vola 5 tapitrisa ariary ireo jiolahy

Nitrangan'ny tsy fandriam-pahalemana indray tany amin'ny tanàna iray ao anatin'ny kaominina Tsimafana, any amin'ny distrikan'i Belo Tsiribihina, ny alin'ny alarobia hifoha alakamisy lasa teo. Olona telo no nisy naka an-keriny tamin'io fotoana io. Jiolahy nirongo fitaovam-piadiana no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny. Nataon'izy ireo izay nidirana an-keriny tao an-tranon'ireo olona ireo ka nentin-dry zalahy an-keriny nanaraka azy ireo. Vantany vao lasa ireo dia nifamotoana ny olona teo an-tanàna ka nisy avy hatrany ny fanarahan-dia. Efa nampandrenesina ny zava-nitranga ihany koa ny mpitandro filaminana tany an-toerana ka nandray andraikitra avy hatrany nanampy ny fokonolona tamin'ny fikarohana ireo jiolahy. Araka ny fanazavana, nandritra ny fotoana nanafihan-dry zalahy tany an-tranon'ireo olona nalainy an-keriny dia nametraka laharan-telefaonina ahazoan'ireo mpanara-dia miresaka aminy izy ireo. Nandritra izany fifandraisana an-telefaonina izany no nitakian'ireo olon-dratsy vola mitentina 5 tapitrisa ariary ho takalon'ny famotsorana ireo olona nalainy an-keriny ireo. Mbola any am-pelatanan'ireo mpaka an-keriny hatreto ireo olona telo ireo ary fantatra fa lasa any amin'ny tapany avaratry ny distrikan'i Mahabo ireo jiolahy. Mitohy hatrany ny fikarohana.

T.H

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 966 - 03 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

## Atody sy tissam

**Zavatra ilaina :** atody, tissam, voatabia, tongolobe, tongolo gasy,dipoavatra.

**Fikarakarana azy :** Rehefa voadio tsara ny anana dia tetehina somary atao vaventiventy. Kapohina ny atody. Atao ny saosy voatabia sy tongolo. Arotsaka ny anana avy eo ary kendrena mba tsy hitera-drano be, asiana sira. Tsy atao masaka be loatra ihany koa. Alefa ny atody efa voakapoka ary rarahana dipoavatra kely eo amboniny. Asiana sira ihany koa ny atody sao hadino satria tsy haroharoina intsony fa avadika fotsiny rehefa mendy. Somary sarotsarotra ny mamadika azy fa zarazaraina mba tsy ho potika. Atao laoka amin'ny vary sosoa na atao tsakitsaky. Azo soloina soflera na korzety na kotomila sy tongolo maitso ny anana. Mazotoa homana !

Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Miangavy**




## Hatsikana an-tsary

**Masaka loatra**




## Masoandro Miposaka

**Romana 4 : 13**

Fa tsy lalàna, fa fahamarinana amin'ny finoana, no nahazoan' i Abrahama sy ny taranany ny teny fikasana ho mpandova izao tontolo izao izy.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Ny maty aza te-ho maro.**

Même les morts désirent être nombreux.

*Ce proverbe montre combien les Malgaches sont sociables.*

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2894

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | 7 | 2 | 6 | |
| | 9 | | 5 | | | | 7 | 1 |
| 8 | | | 3 | 2 | | | | |
| | | 4 | | | | 1 | 8 | |
| 7 | | 8 | | | | 9 | | |
| | | | | 7 | | | | |
| | | | | 9 | 1 | | 2 | 6 |
| | | 6 | | | | | | |
| | | 5 | 2 | | 3 | | 9 | |

Valin'ny laharana 2893

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 5 | 8 | 7 | 2 | 1 | 9 | 4 | 3 |
| 7 | 9 | 3 | 5 | 4 | 8 | 1 | 6 | 2 |
| 1 | 2 | 4 | 9 | 3 | 6 | 8 | 7 | 5 |
| 4 | 8 | 2 | 3 | 6 | 7 | 5 | 1 | 9 |
| 5 | 7 | 6 | 1 | 9 | 2 | 4 | 3 | 8 |
| 9 | 3 | 1 | 4 | 8 | 5 | 7 | 2 | 6 |
| 2 | 1 | 9 | 8 | 7 | 3 | 6 | 5 | 4 |
| 3 | 4 | 7 | 6 | 5 | 9 | 2 | 8 | 1 |
| 8 | 6 | 5 | 2 | 1 | 4 | 3 | 9 | 7 |

## Marina izany !

### Mitady hiverina !

**Ahiana hanao tampody fohy ilay rivodoza Freddy nandalo sy namely teto Madagasikara farany teo iny. Voalaza mantsy fa mety mbola hiverina eto indray izy iny. Raha tsiahivina, rehefa avy namakivaky an'i Madagasikara avy any atsinanana niankandrefana ilay rivodoza iny dia efa nivoaka tany an-dranomasina tamin'ny herinandro lasa. Mbola nitondra orana anefa izy tamin'ny faritra sasany, indrindra fa tamin'iny ilany andrefana sy atsimo andrefana iny. Mbola misy fiantraikany eo amin'ny firafitry ny toetry ny andro eto amintsika izany amin'izao fotoana izao ary mahatonga io orana mifangaro oram-baratra io. Efa nitranga, saingy mahalana izany hoe rivodoza namakivaky an' i Madagasikara izany ka efa tafavoaka an-dranomasina dia miverina eto indray.**

**Izay ny eo amin'ny toetry ny andro fa mahakasika ny raharaham-pirenena na toe-draharaha pôlitika dia hafahafa ny fandehan-javatra ankehitriny. Misy mitady hamerina-mba tsy hilazana hoe mitady hiverina- indray mantsy ny tranga efa nisy teto tany aloha. Ohatra ny misy zavatra efa omanina na kononkononin'ny mpanao pôlitika sasany miaraka amin'ny vondron'olona na fikambanana, sns...any ambadimbadika any amin'izao fotoana izao. Inona daholo izany izao no antony sy ny tanjona kendrena amin'ireo karazana hetsika pôlitika na fivorivoriana re sy ambara etsy sy eroa fa misy mikasa hanatanteraka eto amin'ny firenena, na amin'izao fotoana izao io, na mbola atsy ho atsy ? Ny kisarisary nisy teto amin'ny firenena tamin'ny 2018, na ny tany amin'ny 2009, na ny tany amin'ny 1989-1990 ve no tadiavina haverina ? Ny tanjona kendrena ve dia ny tsy hisian'ny fifidianana filohan'ny repoblika amin'ity taona ity ? Raha izay tokoa no hitranga dia hiafara amin'ny fametrahana fitondrana tetezamita indray ny eto amintsika, araka ny resaka misy mivoy amin'izao fotoana izao. Izany hoe hiroso amin'ny fizarana seza sy miara-mitantana(na miara-misaosy) mahazatra ny sasany indray aloha mandra-paha... !**

Lucien Raharison

KMF/ CNOE

## Mitaky fanatsarana ny lalàm-pifidianana

Nampaneno lakolosy momba ny mety hisian'ny krizim-pifidianana ny fikambanana KMF/CNOE fanabeazana olom-pirenena. Takian'izy ireo amin'izany fanatsarana ny lalam-pifidianana, indrindra fa ireo andininy efa nitrangan'ny olana. Tafiditra ao anatin'izany ny fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana, ny fanasaziana ireo kandidà tsy manara-dalàna ary ny famerana ny vola hanaovana fampielezan-kevitra. *«Heverina fa misoroka ny korontana amin'ny fifidianana ny fisian'ny lalàna miahy ny tombotsoan'ny besinimaro »*, hoy ny fanambarana nataon'ny KMF/CNOE. Mahatsapa ihany koa izy ireo fa ilaina ny hisian'ny dinika politika ifanaovan'ny mpisehatra rehetra mba hametrahana filaminana mialoha, mandritra, ary oarian'ny fifidianana. Ho fanatanterahana izany dia tokony hatao ny fakan-kevitra isam-paritra manerana ny nosy alohan'ny handravonana izany eto amin'ny sehatra nasionaly. Tanjona, hoy ny KMF/CNOE, ny hahavitana izany alohan'ny fanombohan'ny fivorian'ny Parlemanta. Ireo farany no anankinan'ny KMF/CNOE ny fandinihana ny fanatsarana io lalàna io. Manizingizina ity mpanara-maso ny fifidiana ity fa tokony tsy maintsy hirosoana ny fifidianana amin'izay daty ofisialy efa tapaka. « *Tsy ekena ny fanalavana ny fepotoam-piasan'ny olomboafidy na koa tetezamita* », hoy ihany izy ireo.

JUDD

**HASIN'I GASIKARA**

**Fampianarana KABARY**

Isaky ny Alahady amin'ny 2 ora. Fanombohana : 05 Martsa 2023.

Toerana : - ABC School 67 Ha

- Ecole Primaire Rasalama

Tél. : 034 44 708 63 / 034 01 214 27 / 033 07 154 23

G-CL 433/12-11

Ady amin'ny fahantrana

# Mitaona antsika hanaja ny fanjakana tan-dalàna sy hampihena ny kolikoly ny Japoney

*Ankoatra ireo dia tokony hifototra amin'ny fampirisihana ny mpandraharaha vahiny hampiasa vola eto ihany koa ny laharam-pahamehan'ny mpitondra, hoy ny SEM Abe Koji.*

Vaky vava ihany koa ny SEM Abe Koji, Ambasadaoron'ny firenena japoney miasa sy monina eto amintsika omaly fa isan'ny firenena tokony ho lasa lavitra indrindra amin'ny fandrosoana aty Afrika sy manerana an'izao tontolo izao i Madagasikara noho ireo harena tsy hita pesipesenina eto, kanefa mbola milomano anaty fahantrana ihany hatramin'izao. Mieritreritra ity diplomaty vahiny ity ao anatin'izany fa ankoatra ny tsy fahampian'ny finiavana sy fahavononana dia mety ho antony mbola tsy maha tafavoaka antsika hatramin'izao ny tsy fananantsika politikam-pampandrosoana matotra mifanaraka amin'ny zavamisy eto an-toerana. Araka izany, mampirisika ny Malagasy, indrindra fa ny mpitondra fanjakana, mba hiverina hijery ny lesoka ka handrafitra programa azo tanterahina tsara sy mifototra amin'ny laharam-pahamehan'ny vahoaka eto ity Masoivohon'i Japon ity. Mikasika izay ady amin'ny fahantrana izay hatrany, mitaona antsika hanaja ny fanjakana tan-dalàna sy hanao laharam-pahamehana ny ady amin'ny kolikoly ary hametraka mangaraharaha amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena ny SEM Abe Koji. Mikasika ny kolikoly manokana, iarahan' ny olom-pirenena tsotra sy ny mpitondra manaiky fa mahazo vahana amin'ny seha-piasana madinika indrindra ka hatramin'ny vaventy indrindra, ary antony iray mampahazo vahana ny fahantrana eto Madagasikara.

**Fifidianana madio**

Manaraka izany, nanome soso-kevitra an'i Madagasikara mba hikaroka ny fomba rehetra hahafahana misarika mpandraharaha hampiasa vola eto Madagasikara ny firenena japoney tamin'ny alalan'ny Masoivohony. Tafiditra ao anatin'izany ny fanamboarana fotodrafitrasa toy ny làlana, ny lalamby, ny seranan-tsmbo, ny kalitaon'ny herinaratra ary ny fanaovana sonia ireo fifanarahana iraisam-pirenena mikasika ny fiarovana ny mpandraharaha. Etsy andanin'izany, nasian'ny ambasadaoron'ny firenena japoney resaka ihany koa ny mikasika ny fifidianana izay ho filoham-pirenena eto Madagasikara amin'ity taona ity. Maniry ity diplomaty vahiny ity ao anatin'izany, mba ho fifidianana madio sy mangarahara ary hoeken'ny rehetra no hotanterahina eto. Notsipihany tamin'izany fa hiantoka ny ho avin'ny Malagasy sy ny firenena mandritra ny dimy taona manaraka io fifidianana hotanterahina io ka tokony samy tsy hanao kinanga izany rehetra. Marihina fa notanterahina teny Ivandry omaly ny fankalazana ny tsingerin-taona faha-63 nahaterahan'ny Amperoran'i Japon. Tonga namaly ny fanasana tamin'izany ny avy amin'ny mpitondra ankilany (nahitana lehiben'Andrim-panjakana sy mpikamban'ny governemanta) sy ny avy amin'ny mpanohitra andaniny (nahitana ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana sy Ing. Hery Rajaonarimampianina).

Mamy R.

Olan'ny FCE

# Nitsahatra ny grevy, naloan'ny fanjakana ny karaman'ny mpiasa

Laharam-pahamehana ho an'ny fitondram-panjakana ny fanarenana sy famerenana indray ny zotra FCE (Fianarantsoa – Côte Est) ato anatin'ny fotoana fohy. Ankoatra ny fidinana ifotony efa nataon'ny minisitry ny Fitaterana sy Famantarana ny Toetr'andro, Atoa Ramonjavelo Valéry, tany Fianarantsoa ny faran'ny volana feborary lasa teo, dia niverina tany an-toerana indray ny tenany omaly niaraka tamin'ny minisitry ny Asam-panjakana nitarika ny dinik'asa hamahana faran' izay haingana ny olana. Tapaka tamin'izany fa horaisin'ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famatarana ny Toetr'andro ny fandoavana ny karama roa volana ho fitsinjovana ny orinasa sy ny mpiasa. Manampy ireo, araka ny toromarika nomen'ny



**Ny minisitry ny Fitaterana niaraka tamin'ireo tomponandraikitra isan-tsokajiny namaha ny olan'ny FCE.**

Filoham-pirenena, dia tsy maintsy jerena ny mahakasika ireo mpiasa misotro ronono. Noho izany, ho raisin' ny fanjakana an-tanana ihany koa ny fandoavana amin'ny ampahany ny vola latsak' emboka fisotroan-dronono. Nitsahatra avy hatrany ny fitokonan'ny mpiasan'ny FCE tao aorian'ity fihaonana ity, ary narahana fampiarana teo noho eo ny fanalàna ireo sorabaventy manoloana ny FCE..

JUDD

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

## Izy no izy

Tahiana Razanamahefa

# Vehivavy tsotra tia mifanerasera amin'ny olona

*Antoka iray mampahomby azy ny fizarany traikefa sy fakany tahaka ireo olona matanja-tsaina ireo.*

Renim-pianakaviana manana andraikitra goavana amin'ny sehatry ny fandraharahana i Tahiana Razanamahefa. Rehefa nipetraka tany ampitan-dranomasina nandritra ny taona maro izy dia nisafidy ny hody eto Madagasikara ary niasa teo amin'ny sehatry ny fizahantany sy ny fambolena. *"Nofidiako manokana ny karazam-pandraharahana miantraika mivantana amin'ny fiainan'ny mponina. Ny vondrona STOI misy ahy dia misandrahaka amin'ny zavatra maro, ka anisan' izany ny fizahantany sy ny fambolena ary ny serasera. Manokana fotoana betsaka amin'ny resaka asa aho, efa ho 7 andro amin'ny 7 andro izany kanefa tsy hadino ihany koa ny fiainam-pianakaviana. Anisan'ny manampy betsaka ahy amin'ny fitaizana ankizy ny fianakaviana ary tsy misy ny tonga lafatra saingy efa safidy ilay izy"*, hoy Razanamahefa Tahiana. Tsy diso anjara amin'ny fanaovana asa sosialy ihany koa anefa izy, toy ny fiahiany ny sekoly mampianatra baolina kitra. Efa zatra mifoha maraina be mba hahafahana manomana ny tontolo andro izy. Mila fanomanana ara-tsaina ny zavamisy eto ary tsy maintsy manatombo avo roa heny ny asa, izay mitaky fikirizana sy fahafoizan-tena be mihitsy. Olona tsotra sady sariaka ary tia mifanerasera amin'ny maro Razanamahefa Tahiana. Anisan'ny fialamboly tiany sy ataony rehefa tsy miasa ny fanatanjahantena sy ny vaky boky. *"Mahafinaritra ahy ihany koa anefa ny mifanerasera amin' ny karazan'olona efa nandalo sedra teo amin'ny fiainana ary azo lazaina fa tafita sy faka tahaka ankehitriny. Antoka iray mampahomby ny fizarana traikefa sy fakana tahaka ireo olona matanja-tsaina ireo, ny fiainana rahateo fianarana foana. Na eo amin'ny resaka fandraharahana io, na fanatanjahantena na politika. Mety ho namana na mety ho olona fakana torohevitra izany"* Amin'ny resaka sakafo kosa, tena tia nahandro malagasy i Tahiana Razanamahefa ary manome lanja ny akora vita malagasy izy ao amin'ny trano fandraisam-bahininy. Anisan'ny vina napetrany rahateo ny fiaraha-miasa amin'ireo teratany malagasy, indrindra ny vehivavy izay tena manan-talenta sy mora mandray tokoa.

**Fandraharahana**

Nisy ny paikady manokana nataon-dRazanamahefa Tahiana nandritra ireny fotoan-tsarotra nolalovan'ny firenena ireny ka anisany ny fanomezan-danja ny fizahantany anatiny. Tsy nikatona mihitsy ny trano fandraisam-bahiny "Havana Resort" nandritra ireny covid-19 ireny ary anisan'ny hotely afaka nampiantrano marary izy ireo. Nandray karama feno foana ny mpiasa. Ankehitriny, azo lazaina fa efa miverina 100% ny asa ary ny faran'ny taona teo dia feno foana ny trano fandraisam-bahiny. Niaraka niasa tamin'ny "tour operateur" ihany koa tamin'ny fampahafantarana hotely sy i Madagasikara any ivelany any sy ny resaka serasera. Manohana ny politikan'ny fanjakana mba hahavita tena ara-tsakafo ihany koa ny STOI ka vahaolana amin'izany ny fambolena vary safiotra sy ny fampiasana zezika natoraly izay mampitombo 8 hatramin' ny 11 taonina ny vokatra.

**Nath**

Fiaraha-miasa Baobab sy Airtel Money

# Endrika vaovao hampiroboroboana ny tolotra ara-bola ho an'ny rehetra




**Hampiroborobo ny tolotra ara-bola ho an'ny rehetra ny Baobab sy Airtel.**

Mampivondrona mpampiasa an-tapitrisany manerana ny faritra sy izao tontolo izao amin'ny alalan'ny "Airtel Money" ny Orinasan-tserasera Airtel. Amin'izao fotoana izao dia misokatra indray ny fiaraha-miasany amin'ny Banky Boabab. Omaly alakamisy tetsy amin'ny foiben'ny Airtel Madagasikara etsy Ivandry ny fampahafantarana izany tamin'ny fomba ofisialy. Ny fiarahamiasa dia niompana betsaka tamin'ny fampiroboroboana ny fampidiram-bola avy any ivelany eto Madagasikara, sady manitatra ny tolotra ho an'ireo mpampiasa ny serivisy Airtel Money ihany koa, iray amin'ireo fanamby goavana nokasain'ny Airtel Money sy ny Banky Baobab. Tanjon'ny andaniny sy ny ankilany ny tsy hisian'ny sakana ho fampandrosoana ny isam-batan'olona sy ny firenena amin'ny ankapobeny amin'ny fahazoana ny tolotra ara-bola. Afaka miditra ao avokoa ny rehetra, toy ny banky sy ny mpampiasa vola rehetra, na aiza na aiza misy azy ary amin'ny fotoana rehetra. Amin'ny alalan'io fiaraha-miasa io, ny Airtel Money dia mametraka ny tenany ho mpanentana mahomby amin'ny fampidirana ara-bola. Nilaza moa ny Tale Jeneralin'ny Airtel Madagasikara fa *"Mifanaraka amin'ny fomba fiasan'ny Airtel Money ny fiaraha-miombona antoka amin'ireo andrimpanjakana, izay mampiroborobo ny endrika vaovao amin'ny tolotra ara-bola ho an'ny rehetra."* Tetsy ankilany, naneho ny fahafaham-pony tamin'ity fiaraha-miasa ity ihany koa i Sandrine Mayindombe, tale jeneralin'ny Baobab Banque Madagascar. Dingana lehibe ho an'ny banky eto amintsika ity fiaraha-miasa amin'ny Airtel Money ity, ary ao anatin'ny fanirianay ny hanolotra banky mora sy azo antoka ary azon'ny olom-pirenena rehetra idirana. Nomarihiny fa haparitaka manerana an'i Madagasikara izany fa tsy ho an'Antananarivo irery intsony.

**Tiaray R**

Olan'ny fananan-tany

# Nanaovana fitsirihana ireo birao teny Anosy

Ahazoana fitarainana matetika ary tena mampikaikaika olona maro ny fikarakarana taratasy eo anivon'ny sampandraharahan'ny fananan-tany. Omaly dia nidina nanao fitsidihana tampoka tao amin'ny Foibem-pitantanana ankapoben'ny sampandraharahan'ny fananan-tany sy ny Biraon'ny fananan-tany sy ny fandrefesan-tany teny Anosy ny minisitry ny fanajariana ny tany sy ny raharahan'ny fananan-tany, Ramaholimasy Holder. *"Maharay fitarainana foana ny tenako mikasika ny fanaovana risoriso sy ny famingavingana mahazo ireo olona tonga mikarakara taratasy. Sampandraharaha tena iankinan'ny fiainan'ny vahoaka ny ato, koa manao antso avo amin'ireo mpiaramiasa rehetra manerana ny Nosy ny tenako fa asambahoaka no atao, ka tokony ho sampandraharaha mitsinjo sy manampy vahoaka no misy fa tsy sanatria hampijaly na hanadala vahoaka akory"*, hoy ny Minisitra Ramaholimasy Holder. Nanome toromarika ity minisitra ity ny hametrahana laharam-pinday sy pejy ao amin'ny tambajotrantserasera mba hahafahana manatsara ny fandraisana ny fitarainan'ny olom-pirenena.



**Notsirihin'ny minisitra tsirairay ireo biraon'ny fananan-tany teny Anosy.**

**Boky rovitra**

Nisy ny fijerena ireo boky rovitra sy ireo toerana fitehirizana ireo boky firaketana ny tany. *"Misy ny boky rovitra ary misy koa ny boky niniana norovitina. Iaraha-mahalala ny fisian'ny tambajotra mpangalatra tany any amin'ireo sampandraharaha maro samihafa na eto amin'ny fananan-tany na any amin'ny zandarimaria na any amin'ny Fitsarana. Efa ela no tokony naverina nadika ireo boky ireo fa tsy nisy nanao tao anatin'ny taona maro. Mety tsy ho vita ao anatin'ny fotoana maha minisitra ahy izany asa rehetra izany fa tsy maintsy hotohizana ny fanovana mba ho tena tompon'ny taniny ny Malagasy ary tsy ho voakitikita intsony ireo tany efa manam-tompo"*, hoy hatrany ity minisitra ity. Efa nahazoana famatsiambola avy amin'ny Banky iraisam-pirenena rahateo ny famadihana ireo boky ho nomerika sy ny fanatsarana ny fomba fiasan'ireo sampandraharahan'ny fananantany. Nilaza koa ny minisitra fa horaisina an-tanana ny raharaha fisolokiana ny tanin' i bebe Marie Margueritte, renim-pianakaviana 97 taona. Havana akaiky azy ihany no nivarotra antsokosoko ny taniny tamin'ny olona hafa mpanofa ny taniny. Nahazo rariny ity renim-pianakaviana ity rehefa niakatra fitsarana ny raharaha, saingy rehefa nasaina naka ny taratasy fanamarinana ny tany teny amin'ny sampandraharahan'ny fananan-tany dia tafiditra ao anatin'ilay boky rovitra ny firaketana ny taniny.

**R. Muray**

Mpandoa hetra

# Hampiakarina 2 tapitrisa ny isany

Andry iankinan'ny fampidirambolam-panjakana ny hetra. *"Vinavinaina hiakatra 2 tapitrisa ny isan'ny mpandoa hetra amin'ity taona ity raha teo amin'ny 1,481 tapitrisa tamin'ny taon-dasa. Mitohy ny asa amin'ny fampidirana ao anatin'ny ara-dalàna ireo olona tokony handoa hetra amin'ny alalan'ny hetsika "Anjara hetrako"."*, hoy i Germain, tale jeneralin'ny foibempitantanana ankapoben'ny hetra. Tratra ny tanjon'ny fampidiran-ketra tamin'ny taon-dasa, satria raha 3 848 miliara Ariary no voafaritra tao anatin'ny lalànan'ny fitantanambolam-panjakana dia ny 94 isanjato no tafiditra ary mbola misy eo amin'ny 1 200 miliara Ariary andalam-panangonana ankehitriny. Nampiakarina 4 486 miliara Ariary ny tajon'ny fampidiran-ketra ho amin'ity taona ity. Omaly, teny Anosy, dia nisy ny atrikasa fampahafantarana tamin'ireo mpandraharaha mikasika ny fiovana nentina amin'ny fehezan-dalàna mikasika ny hetra ao anatin'ny lalànan'ny fitantanambolam-panjakana ho amin'ity taona ity. *"Mila mahafantatra ny fiovan'ny zava-misy izahay. Raha natao isan-taona ohatra ny fandoavana ny hetra amin'ny fanondranana entana dia novaina isaky ny 15 andro aorian'ny fanondranana mba tsy hitambatra ao anatin'ny taona iray"*, hoy i Lova Mamy, mpitantana ny orinasa MNS.

**R. Muray**

CNAPMAD

# Efa mandeha ny dingana hamoahana ny vola karaman'ny mpiasa

*"Mandeha ny dingana rehetra handoavana ny karaman'ny mpiasa volana janoary sy febroary 2023. Efa manaraka ny dingana hamoahana haingana ny vola eny anivon'ny Minisiteran'ny vola sy fitantanam-bola aho. Azo eritreretina hivoaka anio na rahampitso ny karaman'ny mpiasa ka antenaina fa hisy fandoavana izany ny faran'ny herinandro izao. Raha sanatria tsy mivoaka ny vola dia amin'ny herinandro ambony indray, satria ny vola misy saingy ny dingana ara-panjakana no tsy maintsy arahina sy hajaina"*, hoy Atoa Volony Jimmy, talen'ny CNAPMAD taminay omaly. Raha ny mahakasika an'ilay 48 ora napetraky ny delegen'ny mpiasa sy ireo mpiasa ao amin'ny CNAPMAD ny alarobia teo dia efa nisy ny fihaonana teo amin'ny mpiasa sy ny talen'ity ivontoerana fanontana ny taratasim-panadinana ity omaly. Raha tsiahivina ny zava-nisy mikasika ny fitakian'ny mpiasa dia ny fahataran'ny fandoavana ny karaman'izy ireo hatramin'ny niandohan'ity taona 2023 ity ka hatramin'izao. Misy fahatarana hatrany, hoy ireo mpiasa tsy raikitra, na ECD 90, ny fandraisan'izy ireo vola. *"Misaotra ny Minisiteran'ny fanabeazam-pirenena nanao ny asany, nikarakara ny taratasy mba hivoahan'ny karaman'ny mpiasa ato amin'ny toeram-piasanay saingy rehefa vita ny taratasy dia nihodinkodina any amin'ny « finance » any ny taratasy, araka ny tatitra azonay mpiasa tamin'ny tomponandraikitra mitantana anay hoe tsy mbola mety mivoaka ny karama roa volana. Mba miangavy re tompoko ho anareo ao amin'ny « finance » ao mba hamoaka ny karamanay fa tena mijaly izahay mpiasa ato amin'ny CNAPMAD"*, hoy ny fanazavana nataon'Atoa Zafilahy Rodin, delegen'ny mpiasa ao amin'ny CNPMAD. Ireto mpiasa ireto tsy mbola nandray ny karamanay nandritra ny roa volana ireto anefa no manonta ny taratasy adina hanalan'ny mpianatra ny fandinam-panjakana CEPE. Araka izany dia efa tsy eo anivon'ny fitantanana ny CNAPMAD no mahatara ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa fa ny eny Antaninarenina.

**Heriniaina A.**